TILY ETO MADAGASIKARA

"Mandehana amin'izao herinao izao (...) ka Tanteraho ny fanompoanao"
Mpitsara 6.14 - II Timoty 4:5e

Politika Nasionaly Voa-Aro amin'ny herisetra

SAFE FROM HARM

SCOUTS
Creating a Better World

Sasin-teny 3
Fampidirana 4
Zava-misy 5
Zava-misy eto Madagasikara 5
Zava-misy eto amin'ny skotisma 5
Famaritana samihafa 5
Famaritana ny Ankizy (sy tanora) sy Olon-dehibe: 5
Skotisma fototra 6
Tanjon'ny fandrosoana lovainjafy (ODD): 6
Famaritana ny Herisetra 7
Endrika isehoan'ny herisetra 7
Asa fisorohana 8
Ireo sokajin-kerisetra 10
Dingana arahina raha misy tranga herisetra 12
Dingana 1: Raha misy ankizy na tanora na olon-dehibe mitaraina amin'ireo rafitra voalaza etsy ambony: 12
Dingana 2: Fandinihana ny tranga manaraka ny rafitra (ao anaty fitanan-kaja) 12
Dingana 3: Fampiharana ny fanapahan-kevitra 13
Tovana 15
Aro riaka #1 : Vono sy ratra 15
Aro riaka #2 : HERISETRA SY HETRAKETRAKA 17
Fehezan-dalàna Famaizana manan-kery eto Madagasikara (Code Pénal) 19
Extrait Loi n°2019-008 relative à la lutte contre les Violences Basées sur le Genre 20
Fisy Teknika (modely misy fanaovana tombana fisorohana) 21
Fanafohezan-teny 22
Tahirin-kevitra 23

Sasin-teny

Mivoatra izao tontolo izao amin'ny sehatra maro samihafa. Manoloana izany dia manana anjara toerana lehibe ny fikambanana skotisma amin'ny maha sehatra fanabeazana azy ; mifanindry an-dalana amin'izay fivoarana izay dia misy ihany koa ny manimba ny maha olona sy ny hasiny. Tsy mitazam-potsiny ny birao foiben'ny fikambanana skoto maneran-tany fa nametraka politika iraisana ho aroriaka ho an'ny fikambanana skoto izay mielipatrana manerana izao tontolo izao.

Ny politika izay hampiharina dia politika aroriaka hiarovana ny beazina sy ny skoto rehetra amin'ny mety ho endrika herisetra sy voina mety hitranga, manohitra ny herisetra izay atao hoe : « VOAARO AMIN'NY HERISETRA » (A L'ABRI DE LA MALTRAITANCE / « Safe from Harm »)

Le programme "Safe from Harm" garantit que

chaque personne impliquée dans le Scoutisme,

en particulier les enfants et les jeunes,

se sentent en sécurité partout et à tout moment.

A l'abri de la maltraitance doit devenir notre réalité de tous les jours !

Miainga amin'ny Politika Nasionaly SFH iraisana eo anivon'ny FSM-ZL ity torolalana ity.

Fampidirana

Hetsi-panabeazana mamolavola ankizy sy tanora ho tonga olom-banona ny skotisma. Manana politika mifanaraka amin'ny vanim-potoana sy ny salan-taonan'ny ankizy ny fikambanana. Ny taona 2017 no nanomboka namoaka politika maneran-tany momba ny « Voaaro amin'ny herisetra » ny skotisma maneran-tany. Olombelona manana zo ho voaaro amin'ny herisetra sy ny mety ho karazana voina hafa ny skoto, izany indrindra no antony namolavolana politikam-panabeazana hiainan'ny skoto anaty tontolo azo antoka voaaro. Tafiditra ao anatin'izany ny skoto eto Madagasikara, raha ny zava-misy eto, toy ny amin'ireo firenena rehetra, dia isan'ny mety iharan'ny herisetra ny ankizy sy ny tanora. Antony nandrafetana ity boky ity izany ho fampiharana ny politika eran-tany sy ny politika nasionaly « Voaaro amin'ny herisetra » araka ny fehin-kevitra nankatoavin'ny birao maharitra ny Firaisan'ny Skotisma eto Madagasikara ny 16-17 Septembra 2023.

Ny antom-pisian'ny skotisma dia ny fanabeazana ny ankizy sy ny tanora, niainga tamin'ny seha-pibeazana sy ny teti-pibeazana manoloana ny herisetra no namolavolana ity boky ity. Maro ireo mpikatroka eo amin'ny sehatry ny fanabeazana, ny fanofanana, ny olon-dehibe ato amin'ny skotisma, ny fitantanana, ny serasera ary ny ekipa voaaro amin'ny herisetra no tsy nitandro hasasarana nanangana ity boky ity .

Anisan'ny laharam-pahamehana ato amin'ny skotisma ny fiarovana ny ankizy sy tanora ary ny lehibe ary adidin'ny Firaisan'ny Skotisma eto Madagasikara no miantoka tontolo azo antoka ho an'ny rehetra. Manaraka ny politika nasionaly no ampiharana izany ahafahana miaro ny tanora amin'ny fivoarany sy hanolorana azy fiainana sy tontolo tsaratsara kokoa. Ity drafim-panabeazana ity noho izany no atolotra dia ahafan'ny tompon'andraikitra rehetra mahafantatra mahakasika ny hoe : « Voaaro amin'ny herisetra ».

Fizarana telo lehibe no mandrafitra ny boky, izay ahitana amin'ny voalohany ny tokony ho fantatra manodidina ny atao hoe herisetra sy ny voaaro amin'ny herisetra ary ny endrika isehoany, manaraka izany ny tokony atao hisorohana ny trangana herisetra ary mamarana azy ireo fepetra ampiharina amin'ireo iharan'ny herisetra sy ireo mpanao herisetra.

Zava-misy

Zava-misy eto Madagasikara

Araka ny valin'ny fanadihadiana MICS 2018 notanterahina teto Madagasikara[1], tamin'ny alalan'ny fanohanana avy amin'ny UNICEF :

- 89% amin'ireo ankizy nohadihadiana (ankizy 9 amin'ny 10) no nilaza fa mbola iharan'ny famaizana ara-batana ao amin'ny ankohonany.
- 65% amin'ireo olona nohadihadiana no mbola milaza fa sahaza ao an-tokantrano ny famaizana ara-batana.
- Ankizy 1 amin'ny 2 no nilaza ho efa niharan'ny herisetra tany an-tsekoly.
- 29% amin'ireo ankizy no milaza fa azo ekena ny famaizana ara-batana rehefa any an-tsekoly.
- 40% amin'ireo tanora nohadihadiana no nilaza fa efa niasa talohan'ny faha-18 taonany.

Zava-misy eto amin'ny skotisma

Tamin'ny taona 2002, nandritra ny conférence mondiale du scoutisme no namoahana ny fehin-kevitra « Arovy amin'ny herisetra ny skoto » ; narahan'ny fiofanana ho an'ireo tompon'andraikitra ny taona 2007, 2011, ary 2015 nandritra ireo jamboree, izay lasy lehibe hihaonan'ny skoto maneran-tany

Ny taona 2022 nandritra ny fivoriamben'ny Firaisan'ny Skotisma Malagasy – Manabe Zazalahy (FSM-ZL) no namolavola sy namoaka ny politika nasionaly momba ny « Voaaro amin'ny Herisetra » ny vaomiera momba izany.

Mba hiarovana sy hiantohana ny tontolo manodidina ny ankizy sy ny tanora ary ny olon-dehibe ho lavitry ny herisetra, fampijaliana sy ny fanilikiliana no namolavolana ny « Voaaro amin'ny Herisetra ».

Famaritana samihafa

Famaritana ny Ankizy (sy tanora) sy Olon-dehibe:

- Raha araka ny Firenena Mikambana (ONU), ao amin'ny Andininy 1 Fifanarahana iraisam-pirenena momba ny zon'ny ankizy[2] : ny atao hoe **Ankizy** dia izay olombelona rehetra latsaky ny 18 taona.

[1] UNICEF. MICS 6 (2018) : Discipline de l'enfant. 2018. https://www.unicef.org/madagascar/documents/mics-6-2018-discipline-de-lenfant

[2] ONU. Convention Internationale des Droits de l'Enfant (CIDE), 1989. https://ise.unige.ch/isdd/IMG/pdf/Convention_relative_aux_droits_de_l_enfant.pdf

- Raha araka ny OMMS[3]: ny **Ankizy sy Tanora** dia ireo ao anatin'ny sokajin-taona 5-26 taona izay mandray anjara sy misitraka ny fandaharam-panabeazan'ny tanora rehetra.

- Ny **Olon-dehibe** kosa dia ireo rehetra mpilatsaka an-tsitrapo (bénévole responsable) amin'ny famolavolana, fanentanana sy fampiharana ny fandaharam-panabeazan'ny tanora, na manohana olon-dehibe sy manampy amin'ny fampiroboroboana ny fikambanana

Skotisma fototra

Ireto fepetra voalazan'ny skotisma fototra ireto dia tsy azo ivalozana na iadian-kevitra:

- Lalàna sy fanekena
- Ny Skotisma fototra izay ahitana ny fomba skoto mifototra amin'ny Adidy amin'Andriamanitra, Adidy amin'ny tena, Adidy amin'ny Hafa
- Ny fanajana ny tena sy ny hafa hampiroboroboana ny fahaleovan-tenany mba hahaizany miaro ny tenany sy miaro ny hafa
- Tontolo mampiroborobo ny fivelarana, ny fisian'ny fahasamihafana fomba fijery sy fanehoan-kevitra ary tsy hatahorana hitondra vokany miiba ho azy
- Ny fitovian'ny fahafaha-misitraka ho an'ny rehetra

Tanjon'ny fandrosoana lovainjafy (ODD):

Ity Politika Nasionaly Voaaro amin'ny herisetra ity dia mifanindran-dalana amin'ireo Tanjon'ny fandrosoana lovainjafy (ODD), indrindra indrindra amin'ireto teboka 4 ireto :

ODD3 Fisitrahana fahasalamana : Miantoka ny rehetra hiaina anaty fahasalamana sy mampiroborobo ny hatsarampianana amin'ny vanimpotoana rehetra.

ODD4 Fanabeazana tsara kalitao : Miantoka ny fahazoan'ny rehetra fanabeazana tsara kalitao. Manan-jo hahazo fanabeazana tsara avokoa ny rehetra, satria zava-dehibe indrindra hiatrehana ny ho avy rahatrizay ny fahazoana fanabeazana tsara kalitao, na any an-tsekoly na ivelan'ny sekoly, isan'izany ny skotisma

ODD10 Mihena ny tsy fitoviana : Mendrika hanana anjara mitovy ny olon-drehetra, ho afaka hiaina am-pifaliana, mampihena ny elanelana tsy fitoviana na amin'ny saranga, na amin'ny mponina ambanivohitra sy an-drenivohitra, na amin'ny lahy sy vavy, na amin'ny fananana fahasembanana.

ODD16 Fandriampahalemana, Fitsarana, Andrim-panjakana mahomby: Tsy hisy fandrosoana maharitra raha tsy ao anaty fandriampahalemana, sy fiaraha-monina tsy misy fifandonana, tsy misy tsy rariny, ary tsy misy tsidrihazolena. Manomboka amin'ny ezaka sy asa ataon'ny tsirairay no ahafahana manorina fiaraha-monina milamina, mijoro ho an'ny zon'olombelona, ary manana olom-pirenena mandray anjara mavitrika anaty fitantanana.

[3] Politique mondiale A l'abri de la maltraitance. 2017. https://learn.scout.org/resource/world-safe-harm-policy

Famaritana ny Herisetra

Ny herisetra dia ireo fampijaliana rehetra ara-batana, ara-tsaina na moraly, ara-pihetseham-po, na ireo tsy firaharahiana sy fanilikilihana rehetra, na ireo endrika fanararaotana rehetra, ara-nofo, ara-batana, ara-tombotsoa.

Misy ny ataon'ny samy ankizy, na ny ray aman-dreny, na ny mpanabe, na ny manodidina ka manohintohina ny mahaolona azy, ary miteraka voka-dratsy amin'ny fahasalamany sy ny fivelomany, sy ny fitomboany ara-batana, na ara-tsaina sy ara-piaraha-monina.

Endrika isehoan'ny herisetra

Miseho amin'ny endrika maro ny herisetra :

Herisetra ara-batana (violence physique) : dia ireo fampijaliana ara-batana, na fampiasan-kery iniana atao ka mampitondra takaitra sy fangirifiriana na miteraka voka-dratsy ara-pahasalamana na fahafatesana. Ireto misy tranga vitsivitsy hisehoan'izany : Vono, famonoana olona, fanalan-jaza, fanomezana sakafo tsy ara-pahasalamana, fampanaovana lahasa tsy araka ny herin'ny beazina, fanerena mivantana na an-kolaka amin'ny fandraisana zava-mahadomelina, sakafo tsy ara-dalàna, sazy ara-batana, sedra tsy mifanaraka amin'ny zara-taona.

Herisetra ara-tsaina sy môraly (violence psychologique et morale): Fampijaliana amin'ny alalan'ny fihetsika na fiteny mandratra ; ireo fanilikilihana ara-pomba amam-panao, na amin'ny mahavavy na mahalahy (Genre). Miseho amin'ny alalan'ny teny mandratra, ompa sy latsa, ozona, fanavakavahana, fanilikilihana, fandrahonana, fampihorohoroana, famerana (privation), fanambaniana, fanalam-baraka, fikitakitana sy fivazavazana, Kolikoly ara-pananahana.

Herisetra ara-nofo (violence sexuelle et harcèlement sexuel) : Izay rehetra fihetsika ara-nofo mivantana sy/na an-kolaka na fanaovana fanamarihana miverimberina momba ny vatany sy ny taovam-pananahany toy ny fikasihana ny taovam-pananahana na faritry ny vatana tsy nahazoana alalana (attouchement), fanolanana, fanerena ara-nofo, fanambazana ara-nofo, fitanjahana na fanaovana fihetsika mamoafady imason'ny daholobe (Outrage public à la pudeur), hetraketraka ara-nofo (attentat à la pudeur), famporisihana ny filàn'ny nofo sy filibana amin'ny ankizy tsy ampy taona (incitation à la débauche), fifamoterana, fanamarihana miendrika mamoafady na manohintohina ny maha lahy na vavy.

Fanararaotana ara-nofo (abus sexuel) : Izay rehetra fanararaotana ara-nofo mivantana sy/na an-kolaka noho ny fananana tanjaka, na vola, na fahefana, na fahafaha-manao, na andraikitra ara-tsosialy, na fahatokisana toy ny fampanambadiana an-tery, Fampanambadiana ny ankizy aloha loatra, fampivarotan-tena (Proxénétisme), fanerena ny ankizy hivaro-tena (Prostitution infantile),

fakana sy fanaparitahana sarin' ankizy mamoafady (Pornographie infantile) , fizahan-tany mamoafady (Tourisme sexuel)

Tsirambina (mauvais traitement et abandon) : tsy firarahiana ny kolontsain'ny olonkafa, ny aretiny, ny fadiny, ny kilemany, ny fahavoazany (privation de soin, d'aliments…)

Fampiasana zaza tsy ampy taona (travail des enfants) : Izay rehetra fanararaotana fampiasana ny ankizy an-terivozona, asa mampidi-doza sy manohintohina ny fivoarany, asa tsy mendrika, asa manimba ny fahasalamany.

Manoloana ireo zava-misy ireo dia tompon'andraikitra daholo ny ambaratonga rehetra na ray aman-dreny na olon-dehibe, na fanjakana na ihany koa ireo lehibe sy to teny ara-piarahamonina amin'ny fiarovana sy fandraisana an-tanana ireo iharan'ny fanararaotana ary famaizana ireo mpanararaotra. Ny fanentanana sy ny fampahafantarana ny tontolo misy antsika no imasoana ho entina mampihatra sy miaro ny ankizy sy ny tanora amin'ny herisetra.

Asa fisorohana

Miainga amin'ny fitsirihana ireo ambana mety hisy araky ny singa valo izay mandrafitra ny fomba fanabeazana skoto, dia ireto avy ireo fandaharam-panabeazana ho fisorohana ny herisetra :

- Fampahafantarana ny beazina sy ny olona ny herisetra sy ny karazany (affiche).
- Fitsinjarana ny andraikitra mazava ao anaty vondrona amin'ny lahasa atao rehetra ary fanampiana ny "voaaro amin'ny herisetra" ao anaty andraikitra.
- Famporisihana ny fanomezana sehatra ho an'ny ankizy tsirairay.
- Fampifanarahana ny zavatra atao amin'ny tontolo ivelaran'ny olona.
- Fanadihadiana mialoha ataon'ny Mpiandraikitra momba ny beazina.
- Famporisihana ny fanomezana sehatra ny ankizy ny tsirairay avy.
- Fanaovana lahasa mifanaraka amin'ny zara taonan'ny beazina ary tsy maintsy manaraka ny fenitra takian'ny SFH.
- Fampahafantarana ny fitsipika mifehy (teny ifampierana)
- Fampiarahana amin'ny fisy teknika mazava tsara mifanaraka amin'ny fenitra takian'ny SFH.
- Famoronana hetsika ho famolavolana sy fanaraha-maso ny politikan'ny SFH.
- Fananganana vaomiera "voaaro amin'ny herisetra" isaky ny lahasa atao.
- Fametrahana politikan-tserasera ahafahana manaparitaka ireo fitaovana rehetra momba ny SFH.
- Fananganana paika sy tetika hampahafantarana ireo tranga herisetra sy fizarana matetika ireo fahazarana miabo momba ny "voaaro amin'ny herisetra".
- Mila manana certificat SFH ny ekipa Foibe sy faritany telo volana aorian'ny fandraisana andraikitra

Ireo ny fandaharam-panabeazana hanampy antsika amin'ny fisorohana ny herisetra amin'ny endriny rehetra, tsapa anefa fa efa misy ihany ireo programam-panabeazana izay efa fanao hatramin'izay fa mila fanamafisana avy amin'ny ambaratonga tsirairay mba ho fisorohana ny herisetra mety hitranga.

Ireto ary ny tetiandro mandritra ny telo volana anatanterahina izay nosokajiana ho hamehana.

Tsara marihana fa misy amin'ireo programan'asa ireo dia misy ofana takiana mialoha ahafahana manatanteraka azy.

Mba ahafahan'ny tompon'andraikitra manatanteraka ny andraikiny, dia ireto avy ny ofana ilaina:

- Fampahafantarana ny ambaratonga arahina amin'ny fomba sy tarazo.
- Fampahafantarana ny olona tokony hantonina raha sendra iharan'ny herisetra.
- Fanomezana fanabeazana mifototra amin'ny resaka fananahana ka mampahafantatra ny politika apetrakin'ny fikambanana manoloana ny herisetra mifanaraka amin'izany.
- Fanajana ny fenitry ny toerana mba hifanaraka amin'ny lahasa (famolavolana lasitra arahina rehefa manao fitsirihana mialoha ny toerana.
- Fampianarana momba ny sakafo ara-pahasalamana.
- Famolavolana fitaovana enti-mandrefy ny FIBO manomboka amin'ny sampana nidirany ka hatramin'ny fahataperan'ny fanabeazana ny tanora iray.
- Famantarana ny fiaraha-monina hirotsahana (inclusion et exclusion).
- Fampidirana vinam-panofanana fampivoaran-tena ao anatin'ny fiofanana mifandraika amin'ny andraikitry ny tsirairay (écoute active ,etc…)
- Fiofanana SFH mifanaraka amin'ny ambaratongam-piofanana tandrify amin'ny andraikitry ny tsirairay.

Ireo sokajin-kerisetra

	Sokajin-kerisetra 1	Sokajin-kerisetra 2	Sokajin-kerisetra 3
Famaritana	Ireo herisetra miteraka fahavoazana na fahasorenana tsy maharitra no kajiana ao anatin'ny herisetra "sokajy 1"	Ireo herisetra miverimberina rehetra (mivadika fikiribiby) no sokajiana ao anatin'ny "Sokajy 2"	Atao hoe "sokajy 3" ny herisetra raha: mampitondra takaitra, mihatra aman'aina, mahatonga olana sy fahavoazana goavana.
Karazana (mety misy karazany tsy voatanisa)	**Herisetra ara-batana** (Violence physique): Sazy ara-batana ohatra: fikasihan-tanana … **Herisetra ara-tsaina sy fihetseham-po** (Violence psychologique et morale)**:** Fanambaniana, fandrabirabiana, Fanorisorenana, fihetsika mahery, fiteny mahery, mikitakita… **Herisetra ara-nofo** (violence sexuelle)**:** Fihetsika mamoafady… **Fanararaotam-pahefana:** Jadona, fanilihana, … **Tsirambina:** Tsy fanatanterahana ny andraikitra.	**Herisetra ara-batana** (Violence physique): Fandratrana, fanasaziana ara-tsakafo na tsy fanomezana sakafo ara-pahasalamana any an-dasy… **Herisetra ara-tsaina sy fihetseham-po** (Violence psychologique et morale) **:** Fanambaniana, fandrabirabiana miverimberina… **Herisetra ara-nofo** (violence sexuelle)**:** fikasihana ny taovam-pananahana na faritry ny vatana tsy nahazoana alalana (Attouchement sexuel) … **Fanararaotam-pahefana:** Jadona, fanilihana, fampivarotan-tena, ireo atao miverimberina **Tsirambina:** Famerimberenana ny tsy fanatanterahana ny	**Herisetra ara-batana** (Violence physique): Fikasihan-tanana mampitondra takaitra sy mihatra aman'aina… **Herisetra ara-tsaina sy fihetseham-po** (Violence psychologique et morale)**:** Fanambaniana, fandrabirabiana miverimberina, fanalam-baraka miteraka aretin-tsaina sy famoizam-po… **Herisetra ara-nofo** (violence sexuelle)**:** Fanolanana, fifamoterana … **Fanararaotam-pahefana:** Fampanambadiana ny ankizy aloha loatra, fampivarotan-tena, fakana sy fanaparitahana sarin' ankizy mamoafady, miampy fitakiana tambiny ataon'ny lehibe… **Tsirambina:** Tsy fandraisana andraikitra sy fanaovana

	Sokajin-kerisetra 1	Sokajin-kerisetra 2	Sokajin-kerisetra 3
	Fanaovana tsinotsinona ny fady na ny kolotsain'ny mpikambana **Fampiasana zaza tsy ampy taona**: fampiasana ny ankizy an-kafetsena,	andraikitra sy fanaovana tsinotsinona ny fady na ny kolotsain'ny mpikambana **Fampiasana zaza tsy ampy taona**: fampiasana ny ankizy an-terivozona maharitra sy miverimberina.	tsinotsinona ny fady na kolotsain'ny mpikambana miteraka olana na fahavoazana lehibe. **Fampiasana zaza tsy ampy taona**: fampiasana ny ankizy an-terivozona, asa mampidi-doza sy manohintohina ny fivoarany sy ny fahasalamany.
Famaizana	Fepetra fananarana sy fampitandremana am-bava na an-tsoratra.	Fampiatoana an-tsoratra mandritra ny fotoana voafetra. Fanovana andraikitra.	Fampiatona amin'ny andraikitra miaraka amin'ny fitoriana mankany amin'ny manam-pahefana. Fisintonana ny mari-pankasitrahana rehetra izay natolotry ny fikambanana (Ohatra: tapa-porohana, ny marika nahavitana fiofanana, …)
	Ireo endrika famaizana rehetra mifanaraka amin'ny fitsipi-pitondran-tenan'ny fikambanana (ASN) sy ny politikam-pikambanana.		

Dingana arahina raha misy tranga herisetra

Ireto avy ireo olona afaka hitarainana manaraka ny rafitra isan'ambaratongany ato anatin'ny fikambanana:

- Mpiandraikitra
- Tonia
- Filoha (Faritra/Distrika)
- Filoha (Faritany/Diosezy)
- Filoha (Nasionaly)

Ny ekipa nasionaly dia mametraka fantsom-pifandraisana ahafahana mandray ny fitarainana :

- Mailaka : aroherisetra@scout.mg
- Tranonkala : https://www.scout.mg/sfh/
- Facebook : afaka mandray fitarainana avy hatrany ny pejy nasionaly Tily eto Madagasikara

Andraikitry ny tompon'andraikitra SFH eto amin'ny Foibe Tily ny manao tatitra sy mandrindra miaraka amin'ny ekipa SFH FSM-ZL.

Dingana 1: Raha misy ankizy na tanora na olon-dehibe mitaraina amin'ireo rafitra voalaza etsy ambony:

Ireto no tokony hatao rehefa misy olona mitaraina mivantana:

- Mijery toerana hitan'ny olona nefa ahafahana miresaka am-pilaminana
- Mihaino sy miresaka am-pahamatorana amin'ilay beazina, tanora na olondehibe
- Miezaka mitadidy izay lazain'ilay beazina tanora na olondehibe (ireo fehezan-teny sy teniny)
- Mamerina hanamarinana ny fahenoana ny zavatra heno, tsy manakatra hevitra (manao "interpretation") fa mitadidy ara-bakiteny izay notantarainy
- Manome toky fa hanampy ary tsy miezaka mamaha avy hatrany ny tranga (na tsy mamaha mihitsy satria misy ny tompon'andraikitra mahefa tokony manao izany).
- Manao tatitra avy hatrany amin'ny tompon'andraikitra SFH amin'ny alalan'ireo fantsom-pifandraisana misy

Dingana 2: Fandinihana ny tranga manaraka ny rafitra (ao anaty fitanan-kaja)

Ao anatin'izany no handinihana sy hanadihadiana ny tranga. Rehefa vita ny fanadihadiana dia mandray fanapahan-kevitra mifanaraka amin'ny sokajin'ny herisetra.

Ny fanapahan-kevitra rehetra dia raketina an-tsoratra daholo.

Ny fandraisana an-tanana ny fitorohana dia afaka afindra amin'ny rafitra na antanan-tohatra voakasika amin'izany.

Dingana 3: Fampiharana ny fanapahan-kevitra

Mety hiravona eo anivon'ny fikambanana ihany ny disadisa. Ny sokajy herisetra faha 3 kosa dia hoentina eo anivon'ny rafitra ivelan'ny fikambanana miara-miasa ao anatin'ny SfH.

Fanamarihana:

Misy ny herisetra mila andraisana fanapaha-kevitra eo no ho eo, ary misy ireo izay afaka hampanarahana ny dingam-mpitarainana.

Voafintina ato anatin'ito fafana ambany ito ireo karazana ireo:

Karazana herisetra	Ny tokony atao
Herisetra mikiribiby Harcèlement	Taterina eo anivon'ny tompon'andraikitra mahefa ny tranga izany hoe: Raha eo anivon'ny samy beazina no miseho ny herisetra dia mampandre ny mpiandraikiny (raha tsy ianao no mpiandraikitra azy) Raha toa ka ilay ankizy na tarika ankizy manao ilay herisetra no avy dia tenenina dia mety hanaratsy ny tranga izany raha tsy hananany hena-maso (autorité non reconnue) na koa tsy voafehinao tsara ilay tranga. Raha eo anivon'ny mpiandraikitra dia mampandre ny rafitra mpiahy azy
Herisetra ara-batana	Manatona mivantana ilay olona manao ny herisetra ary manatsahatra ny herisetra (Action immediate)
Herisetra ara-nofo indrindra ny harcèlement sexuel	Raha manatri-maso mivantana : manatsahatra avy hatrany. ➔ Miantoka an'ilay olona niharan'ny herisetra avy hatrany (rassurer et redonner confiance) ➔ Manao tatitra amin'ny tompon'andraikitry ny hetsika na lasy ➔ Manao tatitra amin'ny rafitra SFH
Fanamparam-pahefana	Mampilaza ny tranga hita amin'ny tompon'andraikitra manam-pahefana amin'ny ady amin'ny herisetra ao amin'ny fivondronana na amin'ny rafitra mpiahy mba hahafahan'izy ireo mandray fanapahan-kevitra sahaza ilay manao ny herisetra.

Raha ireo ary ireo dingana arahina rehefa misy tranga herisetra dia ireto avy ny asa miandry mifanaraka amin'ireo :

1. Fananganana ny sehatra fitarainana (an-jotra sy mivantana).

2. Famolavolana ny votoatim-panofanana atao amin'ny fiofanana manara-drafitra rehetra, sahaza ny mpikambana sy ny olona ivelan'ny mpikambana nefa manohana ny fikambanana.
3. Fanofanana ny olon-dehibe ato amin'ny fikambanana mahakasika ny SfH, tafiditra ao anatin'izany ny fangatahana ny hamadihana ny fiofanana an-jotra ho azo atao amin'ny teny malagasy any amin'ny OMMS (mety ho amin'ny alalan'ny fandefasana anarana ireo izay niatrika fiofanana mivantana izany).
4. Famolavolana ny fitsipi-pitondran-tena "Voaaro amin'ny herisetra".
5. Fananganana fiaraha-miasa amin'ireo rafim-panjakana miaro amin'ny herisetra.

Tovana

Aro riaka #1 : Vono sy ratra
(Coups et blessures volontaires)

Ny vondrona misahana ny Fifanolanana na «Contentieux Juridique» eto anivon'ny Tily eto Madagasikara izay ao anatin'ny Departemantan'ny ODK dia manana anjara andraikitra toy izao : Misoroka sy mitantana ny fifanolanana na contentieux araka ny lalàna velona. Satria, ny tanjona dia ny tsy hisian'ny fandikan-dalana miteraka sazy ho an'ny Fikambanana Tily eto Madagasikara sy ny Tily ao aminy.

Manoloana ireo vina sy tanjona ireo dia manana adidy izahay mampatsiahy antsika mpanabe Tily rehetra ny amin'ny fikasihan-tanana.

Ekena fa tsy ao anatin'ny fomba fanabeazana skoto ny fikasihan-tanana nefa iaraha-mahalala fa misy amintsika tompon'andraikitra no mikipy maso ka minia manao izany.

Ireto avy ireo sehatra matetika ahitana fikasihan-tanana :

- Fampanaovana fanekena Tily
- Fampiakarana na ilay antsointsika hoe fitohizan-tsampana
- Fampidirana ao anatin'ny Sampana na ao anaty fivondronana
- Sedra ao anaty Lasy na io Lasin-tsampana na io lasy fanofanana.
- Fanomezana solon'anarana

Iarahan'ny rehetra manaiky fa na dia efa misy paika sy toromarika omen'ny Foibe momba ny fanatanterahana ireo voalaza etsy ambony ireo dia mety mbola misy ny karazana tranga misy eny anivon'ny Faritany, Faritra, Fivondronana, Sampana izay mety ahitana fikasihan-tanana sy fandratrana olona ato anatin'ny Tily eto Madagasikara.

Eto dia ampatsiahivina fa ny mandratra olona dia tsy ao anatin'ny kolotsaina skoto ary raràn'ny lalàna. Ary sazian'ny FEHEZAN-DALANA FAMAIZANA manan-kery eto anivon'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara ny tompon'andraikitra amin'izany arak'izay voalaza ao amin'ny Andininy faha 309 sy 311 ny fehezan-dalàna famaizana (http://www.justice.mg/penal/).

Tokony ho tonga an-tsain'ny tsirairay koa fa, rehefa mitarika hetsika iray isika na mitondra beazina mivoaka dia tompon'andraikitra avy hatrany amin'izay zavatra mitranga mandritra io fotoana io. Noho izany dia, tokony ho mailo avokoa ny tompon'andraikitra rehetra ka hanao ny andraikiny ho zava-dehibe sy manan-danja.

Fadio ny manao tandrevaka amin'ny fanatanterahana ny hetsika izay atao. Ny andininy faha 204 amin'ny Lalàna laharana faha 66-003 momba ny « Théorie Générale des obligations » (https://bit.ly/2WxJ74a) dia manambara ny amin'izany Andraikitra izany.

Raha misy lasy ahitana fikasihan-tanana, iza no iharan'ny sazy raha misy ny fitoriana ?

Maro ny pitsopitsony sy ny lafiny mety hampiavaka ny tranga tsirairay. Fa amin'ny ankapobeny dia ireto no zava-dehibe :

Voalohany: Raha anaty lasy iray dia ny Filohan'ny Lasy no tompon'andraikitra amin'ny zavatra rehetra mitranga anaty lasy.

Faharoa: Jerena hoe ankizy ve no nanao ilay fikasihan-tanana sa olon-dehibe ? Izany hoe ampy taona sa tsia, izay raha tena heloka be vava (crime) na heloka tsotra (délit) no nitranga tao dia hitantsika fa 18 taona no "majorité pénale" fa raha tranga tsotra izay mety ho voasokajy ho heloka tsotra (délit) na ho fandikan-dalàna tsotra (contravention) dia ilay majorité civile no mitondra azy, izany hoe ny 21 ans. Koa raha olona efa majeur no nanao ilay fihetsika voasokajy ho herisetra dia tompon'andraikitra ihany koa ilay nanao azy. Amin'izay fotoana izay dia mety ho hisy ny partage de responsabilité raha zavatra tsotsotra ilay izy, fa raha ratra be no mitranga indrindra fa vokatry ny daroka dia izay nidaroka na nandratra no tompon'andraikitra voalohany.

Fahatelo: andraikitry ny filohan'ny Lasy kosa ny misakana ny tsy hisian'izany satria izy no tompon'andraikitry ny lasy, izany hoe mety ho voasaringotra foana izy fa arakaraky ny fahasarotan'ny zavatra nitranga.

Pejy 63 ilay andininy 309-310 amin'ny lalàna ao amin'ity rohy ity : http://www.justice.mg/penal/

Aro riaka #2 : HERISETRA SY HETRAKETRAKA
(Violences et voies de fait)

Fikambanana miorina ara-dàlana ny Tily eto Madagasikara, ny hitsivolana laharana faha 60-133 tamin'ny 03 oktobra 1960 mikasika ny fandrindrana ankapobeny ireo Fikambanana no mifehy azy eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara. Manana andraikitra misoroka ny mety ho fandikan-dalàna rehetra ao anatin'ny sehatra iasan'ny tily ny Departemanta Olon-dehibe, Kalitao, ary Firotsahana an-tsitrapo (ODK).

Izany indrindra no anolorana antsika ity « ARO RIAKA » laharana faharoa ity, ho fampahafantarana antsika izay voalazan'ny Lalàna manan-kery eto amin'ny Tanin'ny Repoblikan'ny Madagasikara mahakasika ny « Vono, Ratra niniana natao, Herisetra , Hetraketraka» izay mety ho hita ato anatin'ny fikambanantsika.

—

Aro riaka laharana voalohany *(Gazety Vonona lah. 306 - Aprily 2019) dia niresaka momba ny « VONO SY RATRA NINIANA NATAO na Coups et blessures volontaires » izay nilazantsika ny famaritana azy io sy ny voalazan'ny fehezan-dalana famaizana momba ny sazy mifandraika aminy araka ny hita ao amin'ny andininy faha 309 hatramin'ny 318. Voazava ao ny anjara andraikitry ny Mpanabe Skoto manoloana ny mety ho fisian'izany na tsia mandritra ny fanatanterahana ny fandaharam-panabeazana na hetsi-panabeazana.*

———

Ireo ampahany amin'ny fototra iaingana :

- Fanambarana momba ny Zon'ny Ankizy na ny Zaza tamin'ny 20 novambra 1959
  (Déclaration des droits de l'enfant du 20 novembre 1959)
  Fifanarahana Iraisam-pirenena momba ny Zon'ny Ankizy tamin'ny taona 1989
  (Convention Internationale des Droits de l'Enfant en 1989)
  https://www.scout.mg/fanabeazana/zo-ankizy

- SFH : Safe From Harm for Everyone
  (A l'abri de la maltraitance)
  https://members.scout.org/fr/elearning-sfh2-advanced-fr

- Fehezan-dalàna Famaizana
  (Code Pénal Malagasy)
  http://www.justice.mg/?page_id=2559

Samy hafa ary tsy tokony afangaro ny « Herisetra sy Hetraketraka » (Violences et voies de fait) sy ny « Vono sy Ratra niniana atao » (Coups et blessures). Raha ny famaritana no jerena, ny atao hoe « Herisetra sy hetraketraka » dia ireo fihetsika rehetra atao an-keriny, na ady, na fampihorohoroana fatratra na vono, ka tsy niteraka aretina, ratra na tsy fahafahana miasa ho an'ilay niaram-boina.

Tsy ao anatin'ny fomba fanabeazana skoto ny fampiasana ny « Herisetra sy Hetraketraka » nefa mety misy ihany any mety hanao izany, noho ny tsy fahalalana na antony hafa. Ireto avy ireo sehatra ahiana mety ahitana « Herisetra sy Hetraketraka » :

- Fampanaovana fanekena Tily*
- Fitohizan-tsampana
- Fandraisana ao anatin'ny Sampana na ao anaty fivondronana
- Lalao ao anaty lasy; na lasin-tsampana na io lasy fanofanana.
- Fanomezana solon'anarana.

Misy ny paika sy torolalana efa novolavolaina sy nozarain'ny Foibe Tily eto Madagasikara momba ny fanatanterahana ireo hetsi-panabeazana nefa mety hisy ny karazana tranga eny anivon'ny Faritany, Faritra, Fivondronana, Sampana, izay mety ahitana « Herisetra sy Hetraketraka ».

Tsara ho fantatra fa ny «Herisetra sy hetraketraka » dia sokajiana ho heloka ary voatondro sy faizin'ny andininy faha-311 amin'ny fehezan-dalàna famaizana. Voasokajy ho heloka tsotra io ary mahavoasazy ny tompon'andraitra ny fanaovana izany sy ny firaisana tsikombakomba amin'ny mpanao izany. Ka ireto avy ny sazy araka ny voalazan'ny Fehezan-dalàna Famaizana ao amin'ny adininy faha 311 sy 473:

- **Adininy faha 311** : enina andro hatramin'ny roa taona an-tranomaizina sy/na lamandy 100.000 Ariary hatramin'ny 540.000Ariary. Raha toa ka voaporofo fa nisy fanomanana mialoha na angaredona ilay izy dia miakatra hatramin'ny dimy taona ny fanagadrana ary hatramin'ny 900.00Ar ny lamandy.
- **Andininy faha 473, andalana 11** : lamandy 2000 Ar hatramin'ny 100.000 Ar sy sivy amby roapolo andro an-tranomaizina.

Eto dia mampatsiahy izahay eto anivon'ny Departemantan'ny Olon-dehibe sy Kalitao (ODK) fa ny « Herisetra sy Hetraketraka » dia tsy ao anatin'ny Fomba Fanabeazana Skoto no sady tsy ao anatin'ny kolo-tsainan'ny Skotisma ihany koa.voarara Voara araka izany ny fanaovana izany sady sazian'ny Lalàna mana-kery eto amin'ny Tanin'ny Repoblikan'ny Madagasikara amin'alalan'ny FEHEZAN-DALANA FAMAIZANA arak'izay voatondro ao amin'ny aAndininy faha 311 sy 473 ny tompon'andraikitra amin'izany.

Aro riaka ihany ity fa anjarantsika tompon'andraikitra tsirairay ny mandray izay tandrify atsika.

___

Raha mila fanazavana fanampiny dia azon'ise atao ny manatona ny Departemantan'ny Olon-dehibe, Kalitao ary Firotsahana an-tsitrapo (ODK), olondehibe@scout.mg

Fehezan-dalàna Famaizana manan-kery eto Madagasikara (Code Pénal)

Art. 309 (Ord. n°62-013 du 10.08.62) - Tout individu qui, volontairement, aura fait des blessures ou porté des coups, ou commis toute autre violence ou voie de fait, s'il est résulté de ces sortes de violences une maladie ou une incapacité de travail personnel pendant plus de vingt jours, sera puni d'un emprisonnement de deux à cinq ans et d'une amende de 100 000 Ariary à 600 000 Ariary. Quand les violences ci-dessus exprimées auront été suivies de mutilation, amputation ou privation de l'usage d'un membre, cécité, perte d'un œil, ou autres infirmités, le coupable sera puni d'un emprisonnement de cinq à dix ans. Si les coups ou les blessures faites volontairement, mais sans intention de donner la mort, l'ont pourtant occasionnée, le coupable sera puni de la peine des travaux forcés à temps.

Art. 310 (Ord. n°62-013 du 10.08.62) - Lorsqu'il y aura eu préméditation ou guet-apens, la peine sera : 1° Si la mort s'en est suivie, celle des travaux forcés à perpétuité ; 2° Si les violences ont été suivies de mutilation, amputation ou privation de l'usage d'un membre, cécité, perte d'un œil ou autres infirmités permanentes, la peine sera celle des travaux forcés à temps ; 3° Dans le cas prévu par le premier alinéa de l'article 309, la peine sera celle d'un emprisonnement de cinq à dix ans.

Art. 311 - Lorsque les blessures ou les coups, ou autres violences ou voies de fait, n'auront occasionné aucune maladie ou incapacité de travail personnel de l'espèce mentionnée en l'article 309, le coupable sera puni d'un emprisonnement de six jours à deux ans et d'une amende de 100 000 Ariary à 540 000 Ariary, ou de l'une de ces deux peines seulement. S'il y a eu préméditation ou guet-apens, l'emprisonnement sera de deux ans à cinq ans et l'amende de 100 000 Ariary à 900 000 Ariary.

Art. 318 (Ord. n°72-051 du 26.12.72)- Lorsque, du fait d'une action concertée, menée à force ouverte par un groupe, des violences ou voies de fait auront été commises contre les personnes ou que des destructions ou dégradations auront été causées aux biens, les instigateurs et les organisateurs de cette action, ainsi que ceux qui y auront participé volontairement, seront punis, sans préjudice de l'application des peines plus fortes prévues par la loi, d'un emprisonnement de un à cinq ans.

Art. 319 - Quiconque, par maladresse, imprudence, inattention, négligence ou inobservation des règlements aura commis involontairement un homicide, ou en aura été involontairement la cause, sera puni d'un emprisonnement de trois mois à deux ans, et d'une amende de 200 000 Ariary à 6 000 000 Ariary.

Art. 320 - S'il est résulté du défaut d'adresse ou de précaution des blessures, coups ou maladies entraînant une incapacité de travail personnel pendant plus de six jours, le coupable sera puni d'un emprisonnement de quinze jours à un an et d'une amende de 100 000 Ariary à 4 500 000 Ariary ou de l'une de ces deux peines seulement.

Extrait Loi n°2019-008 relative à la lutte contre les Violences Basées sur le Genre

Article 15 : Toute personne, notamment les membres de la famille, les voisins, les amis, les autorités locales, les dignitaires religieux, les travailleurs sociaux, le personnel médical, ayant connaissance d'un cas de violence basée sur le genre, doit le signaler aux autorités administratives ou judiciaires compétentes sous peine des sanctions prévues par l'article 62 al. 1 du Code pénal.

Article 16 : Le signalement peut être fait verbalement ou par écrit. L'auteur du signalement peut garder l'anonymat s'il désire. L'autorité saisie doit consigner la déclaration de signalement et y donner suite. Elle a l'obligation de la transmettre à la Police Judiciaire et/ou au Tribunal compétent dans les meilleurs délais.

Article 17 : Le Président du Tribunal compétent, à la requête de la victime ou de son représentant légal, après communication au Ministère Public, peut rendre une ordonnance de protection.

Il peut notamment :

- sans préjudice du droit de Misintaka, autoriser la victime à quitter temporairement le domicile commun ou conjugal et interdire l'auteur présumé de s'approcher de la victime ;
- autoriser la dissimulation du domicile de la victime et l'élection de domicile.

L'ordonnance détermine la durée et l'étendue de la mesure.

Elle est susceptible de voies de recours conformément aux dispositions de l'article 235 du Code de procédure civile.

Article 18 : Le juge des référés peut à tout moment et après avis du Ministère Public accroitre, restreindre l'étendue des mesures prescrites ou y mettre fin, à la demande de l'une des parties en cas de survenance de faits nouveaux.

Article 19 : Le procès relatif à un cas de Violences Basées sur le Genre peut se tenir à huis clos conformément aux dispositions du Code de procédure pénale. La décision y afférente est prononcée en audience publique.

Article 20 : Les autorités ayant reçu le signalement ou toute autre personne effectuant la prise en charge de la victime sont tenues à l'obligation de confidentialité. Le non-respect de cette obligation est passible des peines prévues par l'article 378 du Code pénal.

Fisy Teknika (modely misy fanaovana tombana fisorohana)

ORA	Faharetana	FIZOTRANY	MPITARIKA	Toerana /FITAOVANA
18h30	30'	Famoriana, Vavaka eo am-piaingana Maka toerana	MP Tompo-toerana	
19h00	30'	Tyrolienne	LS	
19h30	45'	Lomano		Renirano

Tombana fisorohana sy fiatrehana voina

Ambana	Fepetra fisorohana *(inona avy no iomanana mba tsy hiseho ny loza)*	Fepetra fiatrehana *(inona avy no iomanana raha sanatria mbola miseho ihany ny loza)*
Tyrolienne / Fianjerana	mifatotra tady daholo rehefa miampita manao andrana mialoha ny Mpiandraikitra	Atao feno 4 ny tehin-tsokajy ho filanjana (fenoina isa hazo mialoha raha tsy ampy) Laharana CSB akaiky (500m mianatsimo) : 034 00 000 00
Lomano / Voina an-drano	Mpiandraikitra iray mahay milomano manao aroloza Manomana daba foana atao bouée	Laharana CSB akaiky (500m mianatsimo) : 034 00 000 00

Fanafohezan-teny

CSB	Centre de santé de base
FSM-ZL	Firaisan'ny Skotisma Malagasy – Manabe Zazalahy
LS	Lohan-tsokajy
MICS	Multiple Indicator Cluster Survey / Enquête nationale sur la situation socio-démographique des ménages
MP	Mpiandraikitra sampana
ODD	Objectifs du Développement Durable
OMMS	Organisation Mondiale du Mouvement Scout
ONU	Organisation des Nations Unies
SFH	Safe From Harm
WOSM	World Organisation of Scoutism Movement (OMMS)

Tahirin-kevitra

Ireto tahirin-kevitra manaraka ireto izay anisan'ny fototra nanovozana hevitra dia mameno sy manolotra fanazavana fanampiny amin'ny voalaza anatin'ity Politika Nasionaly Voaaro amin'ny herisetra ity :

- La Convention des Nations Unies relative aux droits de l'enfant, 1990
- Bureau Mondial Du Scoutisme, La Résolution OMMS 1990-16 : Convention sur les droits de l'enfant, 1990
- Bureau Mondial Du Scoutisme, La Résolution OMMS 2002-07 : Protégeons les scouts de la maltraitance, 2002
- Loi n° 2007-023 sur les Droits de l'enfant et la protection des Enfants à Madagascar qui régit et applique la convention internationale des Droits de l'Enfant, 2007
- Bureau Mondial Du Scoutisme, La Politique Mondiale sur les Adultes dans le Scoutisme, 2011
- Bureau Mondial Du Scoutisme, La Politique Mondiale du Programme des Jeunes dans le Scoutisme, 2015
- Bureau Mondial Du Scoutisme, Protégeons les scouts de la maltraitance : note de synthèse de l'OMMS sur la protection des enfants et des jeunes, 2016
- Bureau Mondial Du Scoutisme, Résolution OMMS 2017-05 : Politique mondiale À l'Abri de la maltraitance, 2017
- Bureau Mondial Du Scoutisme, Code de conduite de l'Organisation Mondiale du Mouvement Scout, 2019
- Bureau Mondial Du Scoutisme, Une boîte à outils « À l'abri de la maltraitance » contre le harcèlement, 2020
- Bureau Mondial Du Scoutisme, Lignes directrices pour l'élaboration d'une stratégie « À l'Abri de la maltraitance» dans les organisations et associations scoutes nationales, 2020
- Bureau Mondial Du Scoutisme, Politique de plaintes Organisation Mondiale du Mouvement Scout, 2021
- Bureau Mondial Du Scoutisme, Cadre « À l'Abri de la maltraitance » dans Le programme des jeunes, 2021

- Bureau Mondial Du Scoutisme, La Résolution OMMS 2021-04 : 42ème Conférence Mondiale du Scoutisme, Renforcer A l'Abri de la maltraitance dans le mouvement scout, 2021
- Résolution sur la protection des scouts contre la maltraitance, 2022
- Bureau Mondial Du Scoutisme, À l'Abri de la maltraitance – Boîte à outil pour la santé mentale, 2022
- WOSM Safe from harm procedures
- Bureau Mondial Du Scoutisme, Boîte à outils pour un Scoutisme en toute sécurité entre jeunes et adultes, 2022


...ho tena tontolo sy fiainana
Voaaro amin'ny herisetra
isan'andro !
SAFE FROM HARM
SCOUTS
Creating a Better World
Tily eto Madagasikara
@tilyscout | www.scout.mg